

Ny tenin'ny Tale Jeneraly

Ry mpamaky hajaina,

Iifaliana ho ahy ny ahazoako manoratra voalohany aminareo amin'ny alalan'izao laharana savaranonandon'ny «Tahiry» izao. Araka izany anarany izany dia gazety manokana vokarin'ny Tahirim-bolam-panjakana izy ity ka hivoaka isam-bolana manomboka izao. Natao indrindra mba hahazoan'ny mpanjifa sy ny mpiara-miombona antoka rehetra, vaovao maro sy marina mahakasika ny Tahirim-bolam-panjakana. Sehatra ihany koa hifaneraseran'ny mpiaramiasa tsy ankanavaka, hifampitana vaovao sy hifankaherezana. Tsy voatery momba ny asa ihany no ampitaina amin'izany fa ny vaovao rehetra mahakasika ny fiaraha-monina amin'ny ankapobeny mihitsy.

Tanjona lehibe vao napetraka teto anivon'ny Foibem-pitondrana tokoa mantsy ny fanamafisana ny fiarovana ny volam-bahoaka amin'ny lafiny rehetra sy ny fanatsarana ny serasera anatiny sy ivelany. Tsy afaka mijanona amin'izao fotsiny intsony ny Tahirim-bolam-panjakana eo anatrehan'ny fivoaran'ny toedraharaha tsy miato, na eo amin'ny

sehatra iraisam-pirenena na ny eto Madagasikara. Kitro ifaharan'ny fiainam-pirenena sy ny vahoaka izy raha ny fitantanana ara-bola no resahana, ka manana adidy sy andraikitra mijoro mampahafantatra ny asany sy ny fomba fitantanany, milaza ankarihary ny zava-misy sy ny vokatry ny fanadihadiany mahakasika ny toe-bolam-panjakana, ary manolotra ny heviny na ny soso-keviny ny amin'izay mety ho fanatsarana rehetra.

Mba hanamafisana orina hatrany ny firaisan-kinan'ny mpiara-miasa rehetra, izay mahatsara laza ny Tahirim-bolam-panjakana rahateo, dia homena vahana manokana ato amin'ny «Tahiry» ny serasera anatiny. Ho hita tsy tapaka ato ohatra ny anaran'ireo mpiara-miasa nahavita be ka handeha hisotro ronono, ny filazana ireo voina na voin-kavamahatratra manjo ny mpiara-miasa, sy fanehoan'ny fianakaviamben'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fiaraha-mientany sy ny fiaraha-mizakanv. Na nv vaovao samihafa mitranga eny anivon'ny sampandraharaha sy ny « poste comptable » tsirairay manerana ny nosy sy any ampitan-



dranomasina aza dia homena ny toerany, indrindra raha hita fa hahaliana ny mpamaky.

Tsy irery ny «Tahiry» amin'izany ezaka fanatsarana ny serasera izany. Hisokatra tsy ho ela ny tranonkala manokana izay hahitana tsy tapaka ny tsara ho fantatra rehetra mahakasika ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny asany. Miankina betsaka amin'ny fampitana ny vaovao mankaty amin'ny Foibe anefa ny fahombiazan'ireo fitaovan-tserasera ireo, koa mampirisika ny namana mpiaramiasa tsirairay handray ny andraikitra tandrify azy avy amin'izany. Ampitao ny vaovao rehetra, ampitao feno, ampitao ara-potoana.

Mazotoa mamaky daholo.

▲ ROBIMANANA Rivomanantsoa Orlando Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana

SOMMAIRE	
Ny tenin'ny Tale Jeneraly	P.1
Organigramme DGT	P.3
Missions et attributions DGT	P.3
Niampy 92 ny fianakaviam-ben'ny Tahirim-bolam-panjakana	P.4
12 may 2010 : Tontolo andro fanairana	P.5
Echanges Trésor Public – Juridiction Administrative	P.5
Fifanaraham -piaraha-miasa : TRESOR — SAMIFIN — BIANCO	P.6
Paierie Générale d'Antananarivo : Miroso amin'ny fanatsarana	P.7
Microfinance : Raharaha ACOA	P.7
DGT : Nouvelle approche de planification	P.8
La sécurisation des fonds publics : Une préoccupation quotidienne du Trésor	P.9
TG Toamasina : Notolorana fitaovana	P.10
Vahinintsika : Miora RANDRIAMORAS PP Sainte-Marie	50N 2.12
KITRA: Ny ekipan'ny Trésor	.13
Lisitr'ireo nisotro ronono	.13
DETTE PUBLIQUE: Annulation de 208.6 millions USD	.15
Création d'un Bureau d'Appui	.16

Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Pejy 2



Ny «Trésor » Antaninarenina, talohan'ny taona 1951

TG Fenoarivo Atsinanana: Anisan'ny mendrika



Ireo mpiasa sy ny tompon'andraikitra

TSIAHY

Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Fizarana 1



Ny «Trésor » Antaninarenina, talohan'ny taona 1951

anomboka tamin'ny taona 1897, herintaona monja taorian'ny naha-zanatany frantsay an'i Madagasikara no nisy sy niasa teto ny Tahirimbolam-panjakana. « TRESORERIE GENERALE DE MADAGASCAR » no anarana nentiny tamin'izany fotoana izany. « Trésorier Payeur Général » kosa no niantsoana ny mpitondra azy.

Teo amin'ny toerana nisy ny Paierie

Saika vazaha avokoa no nitana ny andraikitry ny « Trésorier Payeur Général» nandritra ny vanimpotoan'ny fanjanahantany. Iray tamin'ireo tompon'andraikitra vazaha maro nifandimby nitana izany andraikitra izany Atoa LEBEGUE, Inspecteur Général. Izy no anisan'ireo nitokana ny trano vaovao niaraka tamin'Atoa André SOUCADAUX, Governora Jeneraly teto Madagasikara, tamin'ny 31 May 1955.



Ny «Trésor » Antaninarenina, nanomboka ny taona 1955

Générale amin'izao fotoana izao ihany no nisy azy, saingy trano hafa no nijoro teo taloha.

Ny 16 Janoary 1951 kosa no nanapahan-kevitra nanorenana ny trano lehibe vaovao sady arifomba izay misy ny «Paierie Générale d'Antananarivo» sy ny «Recette Générale d'Antananarivo amin'izao fotoana izao. Tsara ho fantatra fa efa nisy dia nisy tokoa ny Malagasy tena havanana amin'ny teny frantsay sy ny «Comptabilité». Nisy ireo nanana ny mari-pahaizana «Brevet Elementaire», ny «Certificat d'Etudes du Second Degré», ny «Baccalauréat 1ère Partie et 2ème Partie». Noraisin'ny vazaha niasa teto amin'ny Trésor izy ireo.

Tao koa ireo voaray hiaramiasa manokana tamin'ny « Trésorier Payeur Général » teto Antaninarenina.

Hitohy amin'ny gazety laharana manaraka ny fampahafantarana ny rafitra sy ny andraikitra ary ny lalàna nifehy ny fitantanambolam-panjakana nandritra ny fanjanahantany.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY, Sarv : ANTA



Takela-pahatsiarovana ny fitokanana ny Trésor, taona 1955



Atoa LEBEGUE, Trésorier Payeur Général, taona 1955




Ireo mpiasa malagasy tamin'ny taona 1956



Ireto ny mpiasan'ny Trésor tamin'ny 18 May 1956

GÉNÉRALITÉS

Organigramme de la DGT



Missions et attributions de la DGT

Les missions et les attributions sont prévues par les articles 33 à 39 du Décret n°2007-185 du 27 Février 2007. A cet effet, la DGT assure trois fonctions à savoir : fonction comptable, fonction financière et fonction économique.

1. Mission comptable

- ☐ Elaborer et mettre en place la règlementation en matière de comptabilité publique
- ☐ Assurer la gestion financière et comptable de l'Etat, des collectivités et des Etablissements publics (collecte des recettes, paiement des dépenses, gestion des fonds, tenue de comptabilité, production de comptes)

2. Mission financière

- □ Elaborer le cadre et conduire la politique financière de l'Etat au niveau national, régional et international (banque, assurance, microfinance, marché financier, accords financiers...)
- ☐ Veiller à l'équilibre permanent de

- la trésorerie de l'Etat
- ☐ Gérer les dettes et les créances intérieures et extérieures de l'Etat (négociations, mise en vigueur, tirages, règlement service de la dette, recouvrement)
- ☐ Gérer les dons, les aides extérieures et leurs contrevaleurs (Fonds de contrevaleur FCV)
- ☐ Gérer le portefeuille de l'Etat (tutelle et actionnaire des entreprises publiques)

3. Mission économique

- ☐ Contribuer à la détermination des grandes orientations de l'Etat en matière de politique du secteur public (évolution du rôle et missions)
- ☐ Contribuer à la coordination des politiques et programmes macro-



.

Les employés du Service Administratif et Financier de la DGT

économiques dans les secteurs réels, finances publiques, monétaires et extérieurs (gestion des équilibres macroéconomiques)

☐ Participer aux négociations avec les partenaires techniques et fi-

nanciers internationaux (Bretton Woods, UE, BAD, partenaires bilatéraux).

Pejy 4 TAHIRY Numéro 00 – Octobre 2010

ACTUALITÉS

Niampy 92 ny fianakaviam-ben'ny Tahirim-bolam-panjakana

ontosa soa aman-tsara teny amin'ny efitranoben'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Tetipivoarana etsy Anosy, ny Zoma 14 May 2010 lasa teo, ny lanonam-pamoahana ara-pomba ofisialy ireo «Inspecteurs du Trésor » andiany fahadimy (izay miisa 30 mianadahy), « Percepteurs Principaux des Finances » andiany faha-efatra (29 mianadahy) ary « Contrôleurs du Trésor » andiany faharoa (33 mianadahy), rehefa avy nanovo fianarana teny amin'ny Ivotoerana Malagasy momba ny Teti-Pivoarana (ImaTeP) nandritra ny roa taona ho an'ireo « Inspecteurs », herintaona ho an'ny « Percepteurs » ary fito volana kosa ho an'ireo « Contrôleurs ». Izany fiofanana izany no natao dia entina hanatevenana ireo mpiasa ato amin'ny Tahirim-bolampanjakana noho ny havesatry ny adidy aman'andraikitra izay iantsorohany manoloana ny fampandrosoana ny toekarempirenena sy ny fampandehanana sampan-draharahampanjakana isan-tsokajiny misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Notsiahivina tamin'ireo lahateny maro nifandimbiasana fa andry iankinan'ny fiainam-panjakana iray manontolo ny asa sahaniny. Koa raha nitso-drano ireto mpiaramiasa vaovao ireto ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, sy ny Tale Jeneralin'ny Tahirimbolam-panjakana dia tsy sasatra izy ireo ny nampahery sy nampatsiahy hatrany ireo toetra tokony hananana, ahafahana miatrika an-tsakany

sy an-davany ny asa mankadiry miandry ato amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Notsindriana tamin'izany ny fananana herimpo, herin-tsaina sy herim-batana ary ny fahaizana mifehy tena manoloana ireo fakam-panahy mety haningotra amin'izany. Adidy mavesatra tokoa mantsy, sady saro-pady indrindra indrindra, ny asa eto anivon'ny Tahirim-bolampanjakana satria volam-bahoaka no tantanina ary ny asa rehetra dia miahy ny fiainan'ny Malagasy tsivakivolo, ilàna ny fifanomezantanan'ny tsirairay.

Marihina fa izany fiofanana izany no tanteraka dia teo ny fanohanana ara-bola avy amin'ny « Projet de Renforcement Institutionnel visant la Bonne Gouvernance » (PRIBG) sy ny fiaraha-miasan'ny Ivotoerana Malagasy momba ny Teti-Pivoarana. Koa fisaorana sy fankatelemana eram-po, erantsaina no atolotra azy ireo amin'izany ary inoana fa tsy ho tapitra hatreo ny fiaraha-miasa fa mbola hitohy hatrany.

Eto am-pamaranana àry dia mbola mamerina ny tso-drano ho azy 92 mianadahy hahaleo hahalasana ny Tahirim-bolampanjakana. Ho mpiara-miasa iray vatsy, iray aina amintsika tokoa izy ireo, hitondra ny anjara birikiny amin'ny ezaka fametrahana fitantanam-bola matihanina, madio sy mangarahara.

▲ Hanitra RANDRIANIRINA

Trésor en chiffres

Personnel du Trésor Public	Septembre 2010
Effectif	1383
Inspecteurs du Trésor	181
Contrôleurs du Trésor	161
Percepteurs Principaux des Finances	118
Autres employés	923

Réseau comptable

- Postes Comptables Spécialisés (5) :
 - Agence Comptable Centrale du Trésor et de la Dette Publique
 - Paierie Générale d'Antananarivo
 - Recette Générale d'Antananarivo
 - Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires
 - Trésorerie Municipale d'Antananarivo
- Trésoreries Générales (21)
- Trésoreries Principales (03)
- Perceptions Principales (91)
- Agences Comptables auprès des Postes Diplomatiques et Consulaires (23)

Les associations

- Association Professionnelle des Inspecteurs du Trésor.
- Association des Femmes Inspecteurs du Trésor.
- Association des Percepteurs Principaux des Finances.
- Association des Contrôleurs du Trésor.
- Association des Agents Comptables des Etablissements Publics.
 - * A noter que le Trésor Public Malgache assure actuellement la Vice-Présidence de l' AIST (Association Internationale des Services du Trésor)







Contrôleurs du Trésor (Andiany faharoa) 2009

12 May 2010: Tontolo andro fanairana

nisan'ny anjara andraikitra sahanin'ny Tahirimbolam-panjakana ny fitantanana ny vola kirakiran'ny fanjakana. Nandritra izao krizy lalovan'ny firenena izao, dia azo lazaina fa tsy zava-mora izany, satria tsy maharaka ny fandaniana ny vola miditra ka dia misy hatrany ny elanelana tsy maintsy itadiavana famatsiana.

Etsy an-danin'izany anefa, dia mbola maro ireo olana izay vao mainka nanampy trotraka teo amin'ny fitantanana io vola kirakira io. Anisan'izany ireo fitakiana tombotsoa etsy sy eroa izay mety hampitombo indray ny fandaniana ara-bola izay efa noferana mialoha, ny tsy fanarahana ny toromarika mikasika ny politikam-pitsitsiana, indrindra nandritra ny taona 2009 sy ny enimbolana voalohan'ny taona 2010, ny fanararaotana mihoapampana teo amin'ny fampiasan'ireo Ministera sasantsasany ny « comptes de dépôt », ary ireo hosoka isan-karazany ataon'olona ivelany izay nanenjehana ny mpiasa sasany ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana

Koa mba ho fanairana sy ho fisarihana ny sain'ny rehetra (ny vahoaka sy ny mpitondra fanjakana) manoloana ireo olana nosedraina ireo, dia nakatona avokoa ny biraon'ny Tahirimbolam-panjakana manerana ny nosy nandritra ny tontolo andron'ny alarobia 12 may 2010. Ankoatr'izay dia notakiana ihany koa ny fametrahana ny « Conseil de Discipline Budgétaire et Financier »

Azo lazaina ho nahitam-bokatra tsara iny « tontolo andro fanairana » iny satria dia nisy tokoa ireo fepetra tonga dia noraisina teo anivon'ny fitondram-panjakana. Anisan'izany ny fampiatoana ny fampiasana ireo « comptes de dépôt » ho an'ny Ministera, ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny mampitombona na tsia ny fandaniana atao, ny fanamboarana ny fitsinjarana ao amin'ny tetibolam-panjakana mba ho ny fandaniana tena misy fiantraikany mivantana amin'ny fiainam-bahoaka no ho laharampahamehana, ary izany moa dia



Nikatona ny Paierie Générale

niafara tamin'ny fanitsiana ny tetibolam-panjakana taona 2010.

Haingotiana RAJEMISA

ECHANGES TRESOR PUBLIC – JURIDICTIONS ADMINISTRATIVES

Séance de travail relative au cadre législatif et réglementaire de la gestion des Finances Publiques et de la bonne gouvernance à Madagascar.

ne séance de travail relative au cadre législatif et réglementaire de la gestion des Finances Publiques a été organisée conjointement par la Direction Générale du Trésor, les juridictions administratives (Conseil d'Etat, Tribunaux Administratifs) et l'Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes à l'Espace Salohy, lavoloha le 10 et 11 Juin 2010.

La rencontre qui s'est déroulée dans une ambiance studieuse mais conviviale a permis aux responsables au sein de la Direction Générale du Trésor:

- d'une part, de rappeler le cadre juridique d'évolution des activités relevant de leurs domaines respectifs de compétence (*microfinance, dette publique*...);

 d'autre part, de familiariser les magistrats de l'ordre administratif aux arcanes des finances publiques.

En effet, dans le cadre de ses missions comptable, financière et économique, le Trésor Public est amené à prendre des actes administratifs qui peuvent faire l'objet de contestation devant le Conseil d'Etat ou les Tribunaux Administratifs.

Après une présentation des missions et attributions des entités représentées, les participants ont pu avoir des échanges de points de

vue et des discussions sur les actes administratifs engagés par le Trésor Public et sur les règlementations en vigueur.

Cet atelier a offert aux participants l'opportunité de consolider leurs

acquis dans le domaine de l'administration financière ainsi qu'une occasion de partage réciproque d'expériences.

Mbolatiana RAMAMONJISOA



Les participants lors de la séance de travail à l'espace Salohy, lavoloha

Fifanaraham -piaraha-miasa : TRESOR — SAMIFIN — BIANCO

y alakamisy 29 Aprily 2010 lasa teo no nanasoniavana ny fifanaraham-piarahamiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana, ny Sampana Malagasy ladiana amin'ny Famotsiam-bola (SAMIFIN) ary ny Birao Mahaleotena ladiana amin'ny Kolikoly (BIANCO).

Nanao sonia ny fifanarahana Atoa Orlando ROBIMANANA, Tale Jeneralin' ny Tahirim-bolam-panjakana, Atoa Jean Claude RAZARANAINA, Tale Jeneralin' ny SAMIFIN, ny Jeneraly Faly Herisoa RABETRANO, Tale Jeneralin' ny BIANCO.

lo fifanarahana io dia tafiditra indrindra ao anatin'ny hetsika fanamafisana ny fitantanana manara-penitra sy mangarahara ny volam-panjakana. Fitaovana entina hanamorana ihany koa ny fifanakalozam-baovao eo amin'ny telo tonta manoloana indrindra ireo tranga rehetra mampiahiahy toy ny fampiasana amin'ny tsy tokony ho izy ny vola izay alaina ao amin'ny « comptes de dépôt », ny tsy fahamarinan'ny tolobidy eo

amin'ny sehatry ny fifanarahana ifaninanana (marchés publics), ny fandaniam-bola tsy misy fanatanterahana asa ...

Tranga mampiahiahy

Tsara ny manamarika fa tsy mivaona amin'ny anjara raharaha na andraikiny akory ny SAMIFIN sy ny BIANCO ary ny Tahirim-bolampanjakana. Ho an'ity farany kosa dia manampy tokoa eo amin'ny asa sahaniny io fifanarahana io satria ahafahany mitondra eny anivon'ny SAMIFIN na ny BIANCO izay seho na tranga rehetra mampiahiahy tsikariny nefa tsy ananany fahefana hanaovana fitsirihina. Antenaina fa ny fisian'io fifanaraham-piaraha-miasa io dia hampihena ny tahan'ny tsy fanarahandalàna eo amin'ny fampiasana ny volam-panjakana.

▲ Mbolatiana RAMAMONJISOA



 $An-kavia\ mian-kavanana:\ Tale\ Jeneralin'ny\ BIANCO, Tale\ Jeneralin'ny\ TRESOR, Tale\ Jeneralin'ny\ SAMIFIN$

Fambolen-kazo taona 2010





 $Mandray\ and raikitra\ amin'ny\ fiarovana\ ny\ tontolo\ iainana\ ny\ mpiasan'ny\ Tahirim-bolam-panjakana,\ ny\ 24\ Aprily\ teny\ Andranovelona$

Paierie Générale d'Antananarivo: Miroso amin'ny fanatsarana

iroso hatrany amin'ny fanatsarana ny fomba fiasa ny Paierie Générale d'Antananarivo. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana ny mangarahara eo amin'ny fitantanan-draharaha sy ny fikirakirana ny antontan-taratasy ao amin'ireo sampan-draharaha maro samihafa ao anatiny.

Misy ny fandaminana manokana ho an'ireo mpandraharaha na ireo antsoina hoe « fournisseurs ». Tsy misy intsony ny fanomezana tombony manokana fa mitovy lenta ny rehetra. Tsy azon'izy ireo atao intsony ny mandeha tsirairay manaraka ny antontan-taratasiny satria efa misy ny solontena isaky ny Ministera tsirairay avy. Ireo solontena ireo no mitondra sy manaraka ny fizotran'ny antontan-taratasy hatramin'ny fandoavam-bola.

Hohatsarain'ny Paierie Générale d'Antananarivo ihany koa ny fomba fiasa any amin'ireo Perceptions Principales izay miankina aminy mivantana. Tsapa mantsy fa misy ny fanararaotana, toy ny fivarotana « numéros » sy ny fiandrasana laharana ataon'ny olona ivelany izay tsy mpiasa ao amin'ny Perceptions Principales ireny akory mandritra ny fotoana



Ireo zokiolona milahatra vola fisotroan-dronono

fizarana fisotroan-drononon'ireo zokiolona.

Rivolala RANDRIANARIFIDY

IREO DATY TSARA HO FANTATRA

Faha-17 ny volana

Fandraisana ireo solontenan'ny mpandray vola fisotroan-dronono avy any amin'ny faritra. Izy ireo no nahazo alalana manokana handray ny « *Titres de pension* » ao amin'ny *Paierie Générale d'Antananarivo* ka mitondra sy mizara izany any amin'ny faritra niaviany tsirairay avy.

Faha-18 ny volana

Fizarana ny vola fisotroan-dronono ao amin'ny *Paierie Générale d'Antananarivo* sy ireo *Perceptions Principales* hafa miaraka aminy.

Faha-20 ny volana

Fanombohan'ny fizarana ny karama ho an'ny mpiasam-panjakana.

Microfinance : Raharaha Association des Caisses Orientées vers l'Autonomie « ACOA »

y fandrindrana nasionaly ny sehatra « Microfinance » (Coordination Nationale de la Microfinance) « CNMF » dia manara-maso ny fandaminana ny sehatra voalaza etsy ambony mba hisy fiantraikany tsara sy mahomby eny anivon'ny vahoaka sahirana. Anisan'ny fandaminana notanterahin'ny « CNMF » ny fampiharana ny lalàna N°2005-016 tamin'ny 29 septambra 2005 mikasika ny fanomezan-dalana ny fampindramambola madinika sy ny tahirim-bola na « Microfinance ».

Raha ny mikasika ny raharaha Association des Caisses Orientées vers l'Autonomie « ACOA » no re-

sahina dia iaraha-mahalala fa anisan'ny nalaza tokoa teo amin'ny haino aman-jery sy ny lahatsoratra an-gazety ny Faritra Atsinanana, indrindra teo anivon'ny Firenena. Izany moa dia noho ny fampiatoana ny fanapahan-kevitry ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola nataon'ny Filankevi-panjakana (Conseil d'Etat) ny 18 martsa 2010.

Fa inona marina moa no zava-miseho ao amin'ny « ACOA » ao ?

Taorian'ny krizy 2002, ny Caisse Modely, Famonjena, Robista ary SEPT ACOA izay tao anatin'ny OTIV ZL dia nisintaka ka nanorina ny Caisse

des OTIV Autonomes « ACOA » ny 25 novambra 2003. Nivondrona ho tambazotra ACOA tany amin'ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo izy ireo nefa tsy nanaraka ny lalàna mifehy ny « Microfinance » noho izy



tsy nahazo alalana tamin'ny Commission de Supervision Bancaire et Financière « CSBF ».

Mba hisian'ny fanarahan-dalàna dia nametraka fangatahana alàlana ny « ACOA » hahafahany miasa eo anivon'ny sehatra « Microfinance ». Nefa noho:

- 1. Ny fitantanana ara-bola tsy mangarahara
- 2. Ny olana misy eo amin'ny samy mpitantana ny « ACOA » indrindra eo amin'ny Caisse Modely, dia tsy afaka manome fahazoan-dalana ny CSBF.

Araka izany dia voatery nanapa-kevitra ny Ministeran'ny Fitantanambola sy ny Tetibola:

- hampiantona ny asan'ireo mpitantana tao amin'ny ACOA (Diriqeants);
- hametraka Mpitantana manokana matihanina amin'izany asa izany (Administrateur Délégué) mba :

- handamina sy hanadio ny toebolan'ny ACOA,
- hametraka rafitra mazava tsara eo anivon'io orinasa « Microfinance » io.

Izany no natao dia mba ho fitsinjovana ny tahirin'ny mpikambana izay mitentina dimy lavitrisa Ariary tamin'ny 31 desambra 2008 sy ho fanatsarana ny sehatra «Microfinance» eo anivon'ny Faritra Atsinanana sy Analanjirofo.


lo «Administrateur Délégué» io dia nomena telo volana hamitana ny asany. Nefa, noho ny tsy fitovian-kevitra teo anivon'ny mpitantana taloha sy ny mpitantana vaovao eo anivon'ny Caisse Modely dia mikatso tanteraka ny asany noho ny fitorian'ity farany teo anivon'ny Filankevi-panjakana izay namoaka ny didim-pitsarana laharana faha-22 tamin'ny 18 may 2010. Mbola eo anivon'ny Filankevi-panjakana ity raharaha ity hatramin'izao.

Ho famahana ny olana dia nangataka ny Tribonaly Ambaratonga Voalohany (*Tribunal de Première Instance*) «TPI » Toamasina ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ahafahana miantso fivoriambe ho an'ny Caisse Modely ka ny didim-pitsarana laharana faha-167/AGR/2010 tamin'ny 19 may 2010 no azo tamin'izany.

Noho ny tsy fahampian'ny vola dia tsy afaka nanome vola ny mpikambana ny ao amin'ny Caisse Famonjena sy Robusta. Ho fitsinjovana ny maha-olona tao anatin'ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny fahaleovantena dia nampindrana vola 400 000 000 Ariary ireo Caisse ireo ny Tahirim-bolam-panjakana.

Eo ambany fanaraha-maso akaikin'ny CNMF ankehitriny ny asa fandraharahana ara-bolan'ny ACOA.

▲ Francis Blaise RAJOELINA



DGT: Nouvelle approche de planification

ans le cadre de la conception du budget programme 2011, la Direction Générale du Trésor se préoccupe d'assurer une meilleure coordination et suivi de ses activités sous l'onglet de la bonne gouvernance des finances pu-

bliques.

Malgré le contexte actuel où politique d'austérité oblige, la tendance est de répartir l'enveloppe budgétaire disponible suivant des résultats tangibles et réalisables. Que celle-ci ne soit plus une reconduction tacite, comme auparavant, mais suive la logique de performance.

Axées sur les résultats, les démarches adoptées dans la conception du Plan de Travail s'intéressent aux interactions et interdépendances entre les Services Opérationnels

d'Activités (SOA) pour valoriser la synergie interne. Elles reposent également sur deux approches complémentaires, participatives et adaptatives. Ainsi, ce plan de travail consolidé implique différents niveaux de responsabilité et a un caractère évolutif en intégrant selon le contexte quelques paramètres non maîtrisés durant son élaboration.

Partant de la mission et des attributions du Trésor, ses axes d'interventions se focalisent

Ministère des Finances et du Budget

sur les cinq objectifs généraux suivants :

 Réaliser les activités de « reporting» périodique des opérations de l'Etat, facilitant la prise de décision des autorités supérieures;

- Assurer un standard de service à l'endroit des usagers du service public du Trésor;
- Assurer le recouvrement des créances et ressources non fiscales diverses, dont la responsabilité incombe encore au Trésor;
 - Maintenir les capacités nécessaires pour permettre aux départements techniques concernés de procéder aux vérifications et contrôles prescrits par la réglementation;
 - Améliorer la sécurisation des fonds publics.

De ces orientations stratégiques découle la planification opérationnelle des activités prioritaires déclinées par SOA dont les Perceptions Principales. La budgétisation se fera seulement sur la base du plan d'actions ainsi

élaboré. La confection du plan

de suivi-évaluation constituera la prochaine étape.

▲ Naomi RAIVONIRINA Zoely RAKOTONINDRAINY

La sécurisation des fonds publics

Une préoccupation quotidienne du Trésor

ans le cadre de sa mission de gestion financière et comptable de l'Etat, des Collectivités et des Etablissements publics, la Direction Générale du Trésor, à travers son vaste réseau comptable, est chargée d'un certain nombre d'opérations telles que:

☐ la prise en charge et le recouvrement des recettes;

☐ le contrôle et le paiement des dépenses;

□ la garde et la conservation des fonds publics ;

☐ le maniement des fonds et les mouvements de comptes de disponibilités.

L'exercice des attributions énoncées plus haut exige de la part des agents du Trésor un professionnalisme certain et un sens aigu de la responsabilité pour que les deniers publics puissent être gérés d'une manière stricte, à un Ariary près serait-on tenté d'ajouter. Il va sans dire que cela est loin d'être une sinécure au vu du vécu quotidien des agents. A titre d'illustration, le personnel du Trésor est confronté en permanence:

☐ aux pressions de toutes parts, voire à des menaces, tendant à obtenir le paiement d'une dépense;

□ aux contraintes liées aux opérations d'approvisionnement de fonds (transport, escorte, indemnités...);

☐ à un rythme forcené de travail surtout durant les grandes échéances de paiement des soldes et des pensions et à l'approche de la période de clôture budgétaire;

aux risques de défaillance ou de manque de vigilance momentanée dont la sanction est immédiate : la mise en jeu de la responsabilité personnelle et pécuniaire du comptable public. Dans le contexte actuel de crise, les difficultés rencontrées par le Trésor Public dans l'exercice de sa mission de gestion financière et comptable des organismes publics se sont même accrues compte tenu d'une certaine velléité, sinon d'une velléité certaine de :

☐ profiter de la situation pour commettre des abus (consommation effrénée des crédits en fin d'année, exécution de dépenses sans pièces justificatives réglementaires ...), mettre en exergue:

□ les mesures de sécurisation physique des fonds : escorte obligatoire des convois de fonds par des éléments des forces de l'ordre, acquisition de véhicules et de coffresforts, recrutement de nouveaux garde-caisse ...;

☐ la mise en place de dispositif juridique et comptable réduisant les opérations à risque : assignation exclusive des paiements, acceptation uniquement des chèques cer□ la dématérialisation progressive des transactions financières à compter de l'année 2011 par l'utilisation des cartes de paiement électronique en matière d'achat de carburant et lubrifiant ou l'extension du mode de règlement par virement bancaire;

☐ la mise à jour des textes intéressant les opérations d'approvisionnement de fonds ;

